# ENGA ANIE NY MALAGASY ANKEHITRINY TSY HAMADIKA IREO MARITIORA TAMIN'NY TOLONA HO AN'NY FAHALEOVANTENA

Manoloana ny fiantsoana tolo-kevitra nateraky ny fifampidinihana nasionaly (concertation nationale) efa antomotra eto Madagasikara, dia nanapa-kevitra ny fivoriamben'ny Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy na Collectif TANY - ny 29 martsa 2026, fa hizara lohahevitra telo izay heveriny ho fototra irosoana amin'ny tena fahaleovantenan'ny firenena.

Voalohany, **fanesorana amin'ny Lalam-panorenana manaraka** ny voalaza ao amin'ny andininy voalohan'ny Lalam-panorenana manan-kery nanomboka tamin'ny taona 2010, izay milaza fa "***ny fepetra sy fombafomba mifandraika amin'ny fivarotana tany sy ny fampanofana tany maharitra amin'ny vahiny dia ho faritin"ny lalàna***". Mamparefo ny fiandrianam-pirenena io fanokafana io ary manamaivana ny fahaverezan'ny tanin'ny Malagasy ho toy ny zava-miseho mahazatra, tsy misy olana fa "ara-dalàna". Tsy azo ihodivirana amin'ny alalan'ny lalàna ny tsy fahafahana mamindra ny tanin'ny Malagasy ho an'ny vahiny.

Faharoa, **famerenana mandinika lalina sy fanavaozana ny Lalàna 96-016 momba ny fampanofana maharitra ny tany** (bail emphytéotique) mba tsy hanomezana intsony zo midadasika mitovy amin"ny varotra.

Fahatelo, **fampitsaharana ny fiankinan-doha ara-drafitra amin'ny famatsiam-bola sy ny mpamatsy vola avy any ivelany**, izay tsy nitondra fanatsarana maharitra ny fiainan'ny ankamaroan'ny mponina hatramin'izao. Ny fampandrosoana an'i Madagasikara dia tsy maintsy miainga voalohany indrindra amin'ny fahaiza-manao sy ny loharanon-karena ary ny fandraisana andraikitra ataon'ny Malagasy mihitsy. Ny fananganana toekarem-pirenena matanjaka dia mitaky ny fanaovana laharam-pahamehana ny ezaka eto an-toerana, ny fambolena ara-pianakaviana, ary ny safidy iaraha-manapaka izay mitondra soa iombonana.

Tsy soso-kevitra mitoka-monina ireo tondrozotra ireo fa tafiditra ao amin'ny tolona nataon'ny Collectif TANY nandritra ny taona maro hanoherana ny fandrobàna sy fangoronana tany ary hampitomboana ny fanajana ny zon'ny olom-pirenena malagasy, ny tantsaha ary ny mponina any ambanivohitra.

2 aprily 2026

**Ny Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy – Collectif pour la défense des terres malgachjes – TANY**

patrimoine.malagasy@gmail.com; http://terresmalgaches.info; Facebook: TANYterresmalgaches ;
X ex-Twitter@CollectifTany ; Instagram : collectif tany ; BlueSky : @collectiftany

**<u>Rakitra nanatsoahana hevitra:</u>**

(1) https://www.mef.gov.mg › CONSTITUTION-IV

(2) Ny « bail emphytéotique » dia fifanarahana fampanofana tany na trano mandritry ny 18 ka hatraminy 99 taona.

(3) Ordonnance n° 62-064 du 27 septembre 1962 relative au bail emphytéotique (J.O. n° 248 du 12.10.62, p.2224), modifiée par la **loi n° 96-016 du 13 août 1996** (J.O. n° 2381 Ed° sp. du 26.08.96, p.1862) : azo takarina amin'ny internet.